

## NY TEOLOJIAN' I MARTIN LOTERA

### 1.- Tantaram- piainan'i Martin Lotera

I Martin Luther dia teraka ny 10 novambra 1483 tao Eisleben; maty ny 18 febroary 1545 tao Eisleben (Alemaina atsinanana). Zanaky ny mpanjatolahy mpiasan' ny "mines", dia i Hans Luder, mpamboly aloha tamin' ny voalohany, niasa ho mpitrandraka tao amin' ny "mine" an' ny "cuivre", ary tonga tompon' ny fitrandrahana "mine de cuivre" koa sy tompon' na fanamboarana zavatra vita amin' ny vy ("fonderie"), - sy Marguerite Lindemann reniny.

Nanomboka nianatra tao Mansfeld, Magdebourg, ary Eismach izy, hoan' ireo fianarana dingana voalohany sy faharoa. Niditra nianatra tao amin' ny anjerimanontolo tao Erfurt ny taona 1501, tamin' ny faha- 18 taonany; ary nahazo ny mari- pahaizana baccalaureat ny taona 1502, sy ny maîtrise , ny taona 1505 ("brevet" hahatongavana ho profesora).

Nanomboka nianatra ny taranja lalàna izy, araka ny fanirian' ny rainy; kanefa dia nalaky tsy nahaliana azy izany; satria hitany fa tsy misy fahamarinam- pototra. Tsapan' i Lotera fa ny filozofia sy ny teolojia no mahasarika azy; ary nahazo toerana be taminy ny fampianaran' i Aristote, Guillaume d' Ockam ary i Gabriel Briel. Ary nisy mpampianaratra roa antsoina hoe Bartolomaeus Arnoldi von Usingen sy Jodocus Trutfetter izay nampianatra azy hampandalo sivana ("remettre en question") ny fisaintsainan' ireo tena ngezalahy sy handinika ny zavatra rehetra amin' ny alalan' ny fampiharana ("expérimentation").

Tsy nahafa- po azy teo amin' ny fianarany anefa ny filozofia; hitany ahitam- bokatra ihany raha ny amin' ny raharahan' ny saina, fa tsy misy ifandraisany amin' ny fitiavan' Andriamanitra. Heveriny ho tsy mahasarika olona hoamin' Atra ny saina, ka nampahatonga azy hiroa hevitra ny amin' ny fampianaran' i Aristote izay nanome toerana be ny saina. Heverin' i Lotera fa hametraham- panontaniana ny amin' olombelona sy ireo "institutions" no hany azo ampiasana ny saina, fa tsy ny amin' Atra tenany; amin' ny alalan' ny fanambaran- tenany ihany no ahazoan' olombelona hianatra ny amin' Atra, ary noho izany, dia voatery ilaina ireo soratra masina.

Tanteraka izany faniriany handalina ireo soratra masina izany. Fa indray andro, rehefa teny andalana nitaingi- tsoaval, nony niverina avy naka rivotra tany amin' ny tranon' ny ray aman- dreniny izy, ny 02 jolay 1507, dia tratry ny oram- baratra mafy. Nisy varatra mafy sy tselatra nilatsaka teo anatrehany, dia nahatsiarovany ny tenany ho olo- meloka, sy fitsaran' Atra azy, ary tahotra ny fahafatesana (toe- pisainana fahita matetika tamin' ny olona tamin' izany vanin' andron' ny Andro Antenantenany izany). Izy rahateo moa, dia rera- tsaina mafy koa tamin' ny fahafatesan' ny namany roa lahy tampoka. Niantso vonjy tamin' i masimbavy Ana izy; ary dia nanao voady hiditra ho monka, niteny hoe: " Vonjeo aho, masim- bavy Ana; fa dia hiditra ho monka ". Noheverin' ny olona tamin' izany fotoana izany manko, fa lalana hoamin' ny fahamasinana sy fahamarinana, ary hahitana fiadanana izany.

Noraisin' i Lotera ho zavatra tsy hainy hotsoahana io fampanantenana nataony teo amin' ny antso vonjiny io.

Nilaozan' i Martin Lotera ny anjerimanontolo ny 17 jolay 1505, ary dia niditra tao amin' ny monatera Aogostiniana tao Erfurt izy, tonga monka mpangataka; ka dia nahatezitra sy nanafintohina fatratra ny rainy. Nitondra tena tena henjana tao izy, nampijaly tena, nivavaka sy nifady hanina, niari-tory ny alina, sns., fa tsy nahita fiadanana, na dia izany aza. Nianatra teolojia izy; voatokana ho pretra ny taona 1507; nanohy ny fianarany, ary nanomboka nampianatra aloha tao amin' ny "couvent"- n' i Erfurt. Nahazo ny diploma "doctorat" izy ny taona 1512, ary nampianatra ny teilojia tao amin' ny anjerimanontolon' i Wittenberg. Tonga mpitoriteny tamin' ny fiangonana tao izy hatreo amin' ny taona 1514; dia nampianatra sy nitoriteny tao mandrapahafatiny.

Tamin' ny nampianarany ny teolojia, dia navelany ireo bokin' ny Skolastika (an' ny teolojiana Katolika); fa niakina be tamin' ny fampianaran' i Tauler sy Augustin. Ary, ny tao amin' ny Baiboly, dia ireo epistily hoan' ny Romana sy Galatiana, ary ny Salamo 31. 1 no nanazava ny sainy nanoloana ny ota sy ny fahasoavan' Atra. Ary, avy tamin' ireo no niorina tsara ny finoany ny amin' ny fahasoavan' Andriamanitra , izay mamela heloka maimaim- poana ny mpanota amin' ny finoana an' i Jesosy Kristy. Nitombo taminy ny fiadanana sy nitoetra tsara tao am- pony. Ny finoana no manamarina, fa tsy ireo asan' ny lalàna. Io no varavarana mitondra hoany an- paradisa.

Olana lehibe tamin' i Lotera manko ny fahatsapany fitongilanana hoamin' ny ratsy. ary ireo fanao rehetra natolotry ny eglisy taminy, dia ny lamesa, ny konfesy, fifadian- kanina, ets., dia tsy nisy nahafaka azy tamin' ny fanamelohan' ny feon' ny fieritreretany. Fa hatreo amin' ny fahazoany vaovao ny ventin- kevity ny

epistolin' i Paoly no nahazoany fitonianana. Tsy mba mpampianatra nanao asa soratra systematika toy ireo ngezalahy sasany manko i Lotera, fa fa mpanao "exégèse" (mamelabelatra ny hevity ny Soratra Masina. Avy amin' ny boky marobe nosoratany momba izany no ahazoana mahita ny teolojany ny telojany. Dia nanoratra ary izy nanao hoe:" Dia nanomboka nahafantatra aho, fa " ny fahamarinan' Atra ", dia ilay iveloman' ny marina ny fanomezan' Atra, dia ny finoana; ary ny hevity ny Rom. 1. 17 , dia ity: naseho tamintsika tamin' alalan' ny Filazantsara ny fahamarinan' Atra ... izay anamarinan' Ilay Atra be indrafo antsika amin' ny alalan' ny finoana ... Ary dia nahatsapa- tena ho olona teraka indray aho, ary dia niditra varavarana nivoha tao am- paradisa mihitsy. Niaraka tamin' izay, dia hitako tamin' ny endrika hafa ny Soratra Masina ". Hitany fa ny finoana ihany no mamonjy. Ny fahatokiana apetraka amin' i Jesosy Izay tia antsika, na dia eo aza ny fahotantsika, no manafaka marina. Tonga nilaza mihitsy aza i Lotera fa tokony heken' ny olona ny toeatra maha- mpanota azy, ary dia tena tsy tanteraka tokoa izy eo anatrehan' Atra; kanefa tsy midiaka izany fa tsy ilaina ny fibebahana.

Isan' ny toe- javatra ngezabé koa ny amin' ny fivoaran' ny teolojian' i Martin Lotera ny fifanoherany tamin' ny fahefan' ny papa manoloana ny famoahan' ity farany ny amin' ny " indulgences" ny taona 1517; fa nampamarotra ireo taratasy ahazoana famelan- keloka ireo ny papa Jules II, sy notohizan' ny papa Léon faha- 10, mba hitadiavana vola hanorenana ny "Basilique de Saint Pierre" tao Roma. Niafara tamin' ny nanoratany ireo 95 lohahevitra manohitra ny famarotana ireo taratasim- pamelan- keloka nataon' ny Eglisy katolika; ary mbola mafimafin' izany aza, ny sorany ny amin' ny fanaon' ireo mpitondra fivavahana katolika ambony, indrindra fa ny papa.

Isan' ny tena nisehoan' ny tsy firaisan- kevitra matanjaka teo amin' ny roa tonta ny amin' ny fahefana. Ny fahefan' ny papa no fahefana faratampony teo amin' ny fampianaranana sy ny moraly, teo amin' ny Fiangoana katolika Romana. Hoan' i Lotera anefa, dia ny fanambaran' Atra voarakitra ao amin' ny soratry ny TT sy ny TV , ampitain' ny FM amin' ny taranaka mifandimby, arakaraka ny itoriana izany Soratra izany ny fahefana faratampony eo amin' ny Fiagonana. Araka izany, dia hazonin' i Lotera sy ireo mpanara- dia azy, fa tsy avy amin' ny rafitra misy antanan- tohatra (" hiérarchique") atsangana ny fahefana eo amin' ny Fiagonana' Atra, fa avy amin' ny fanambarana ny Filazantsara sy ny fanolorana ny Sakramenta mifanaraka amin' ny tenin' ny S.M.. Raha ny papa no atsangan' ny Kat. Rom. hanangana fampianaranana hoazy ( "ny magistère" no mamolavola, dia atolotra ny papa avy eo mba hivoaka fitsipika mana- kery harahina ); hoan' i Lotera indray, dia tsaraina araka ny fandehanany mahitsy sy mahatoky manoloana ny tenin' ny S.M. ny fiagonana. Tsy manana hafa- tsy mpitarika anankiray ihany tsy mety diso ny olombelona, dia ny Tenin' Atra. Ny Soratra Masina irery ihany, izay maneho azy an' i Kristy izany. Vonjena noho ny fahasoavana irery ihany sy amin' ny alalan' ny finoana irery ihany ny olona. Raharaha manokan' ny tsirairay ny fivavahana; fa tsy baikoin' ny fahefana eo an- toerana. Miankina amin' ny raharahan' ny Lalàna sy ny Filazantsara mampibebaka sy mampino izany soteriolojia izany.

Mitovy avokoa ny olombelona mpanota, ary mpirahalahy avokoa ny samy mpanompon' Atra; Kristy no Loha. Mety ho diso ny olombelona rehetra, ireo konsily sy ny fahapapana, ary efa diso matetika. Araka izany ary, teo amin' ny Loterana, dia natao hoe " primus inter pares " ( voalohany amin' ny samy mitovy ) izay voatendry ho lehibe.

## 2.- Ireo foto- kevi- dehibe tamin' ny fampianaran' i Martin Lotera

Nanosika an' i Lotera hanao ny Reformasiona ireo toe- javatra mampalahelo, ny fiviliana, ary ireo toe- javatra samihafa nisy tao amin' ny Fiagonana tamin' ny androny. Nanomboka hatreto amin' ny nametrahany ireo " 95 thèses " teo amin' ny varavaram- piagonana tao Wittenberg no azo lazaina ho fiantombohan' ny Reformasiona nataony.

Na dia izany aza anefa, dia tsy mbola io no tena nandresy lahatra azy hanao ny Reformasiona; fa lafiny teolojika kokoa. Tao ny fahoram- panahiny nitady lalam- pamonjena sy ny asa nataony araka ny maha- mpanao "exégèse" azy; indrindra fa ny fandinihany ny epistily hoan' ny Romana. Tsapany ireo fanamelohana tao amin' ny tenany ireo, nefy ny zavatra natolotry ny lamesa, fampahorian- tena, sns., dia tsy nahafaka azy tamin' izany fahatsapana fahamelohana izany. Ny fahazoana vaovao ny amin' ny epistily hoan' ny Romana no nampisy fitoniana taminy sy nanokatra ny sainy ny amin' ny fijery vaovao ny amin' ny fanamarinan' Atra ny mpanota noho ny finoana an' i Jesosy Kristy. Hitany ny hery manafaky ny finoana an' i Jesosy voaray tao amin' ny Baiboly. Hoazy, dia fanomezan' Atra malalaka, voaray noho ny fibebahana marina sy ny finoana marina an' i Jesosy ho Mesiany ny famonjena ny fanahy; tsy ilana izay mety ho fananelanan' ny Fiagonana. Nihantsy ny fahefan' ny papa tamin' ny nandraisany ny Baiboly ho hany loharano mahefan' ny fahefana kristiana izy.

Hatreo, dia ny Soratra Masina ihany no nataon' i Lotera ho hany loharano sy fitsipiky ny fampianaranana. Teolojian' ny Teny no azo lazaina ho teolojian' i Lotera; ary teolojian' ny hazofijaliana. Miorina be amin' ny Testamenta vaovao; ahitana taratratra ny teolojian' i Augustin. Niavaka tamin' ny teolojia tamin' ny vanin' androny ny azy.

Nisy fiantraikany be tamin' ny Reforma protestanta manontolo ny teolojian' i Martin Lotera, indrindra fa ireo lohahevitra mahakasika ny fahamarinana amin' ny alalan' ny finoana, ny fifandraisana misy eo amin' ny lalàna sy ny filazantsara, ireo fiasam- bahasoavan, sns.

Na dia be velarana aza ny teolojian' i Lotera sy ny Loterana, momba ny raharaha- pamonjena (" soteriolojia " ) aloha, dia azo fintinina amin' ny alalan' ny solas / solus dimy manaraka ireto izany. Fototra dimy iankinan' ny famonjena ny olombelona izany.

Samy manombola amin' ny " sola " izy ireo. Izany moa, dia teny avy amin' ny mpamaritra ("adjectif") hoe " solus " ( irery ). Raha masculin izy dia " solo "; fa raha féminin kosa, dia " sola ". Fa rehefa " soli " indray izy, dia amin' ny endrika "datif" , izany manondro izay ivantanan' ny filazana.

### **2.1.- Ireo fizarana dimy lehibe ( "grands axes" ) ao amin' ny teolojian' i Lotera momba ny raharaha- pamonjena ( soteriolojia )**

Araka izao manaraka izao izany fampianaram- pinoana izany: Amarinin' Andriamanitra maimaim- poana noho ny fahasoavany ( sola gratia ) ny mpanota , amin' ny alalan' ny finoana an' i Kristy Andriamanitra - Olona ( sola fide ), Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao (" grâce universelle ") noho asam- pisoloana vitany, dia Izy hany mpanalalana eo amin' Andriamanitra sy ny olombelona ( solus Christus; na solo Christo, raha amin' ny endrika "ablatif" ); ary Andriamanitra irery no hany azo ivavahana, ka tolorana ny dera, laza, haja, voninahitra ( Soli Deo Gloria ).

Hotanisaintsika eto aloha ireo.

- 2. 1.1. - "Sola Scriptura" ( amin' ny alalan' ny Soratra Masina irey ihany ) .

Ny konteksta ara- piangonana sy ny votoaty kristolojika ary ny nahatonga an' i Lotera hanindry ny hoe " irey ihany " no hovelabelarintsika eto.

Ny amin' ny konteksta ara- piangonana, dia araka izao manaraka izao. Miara- milaza ireo mpaminany sy ireo Apostoly, fa ny S.M. no Tenin' Atra voasoratra sy loharano, ary hany fitsipiky ny finoana sy ny fainana eo amin' ny kristiana.

Vantany vao nodidian'Atra ny mpaminany handrakitra ny Teniny an- tsoratra, dia nifamatotra tamin' ireo teksta ireo ny Fiagonana; ary tsy azo ampiana na analana izany voasoratra izany, Deo. 4.2 ; 12. 32 ; Jos. 1. 7 ; 23. 6 .

Mirafitra ho kanona tsy miova ( " fixe " ) ireo soratra ara- paminaniana ireo, hoan' ny Fiagonan' ny T.T.; ary Atra ihany no manam- pahefana hampivelatra na hampitombo azy, Jao. 5. 39; Lk. 16. 29 .

Teo amin' ny vanim- potoan' ny TV indray, dia nanampin' Atra ny soratry ny mpaminany ny soratry ny Apostoly, mba hanome miaraka ny Soratra Masina, izay fototra tsy voahozongozona niorenan' ny Fiagonana, Efes. 2. 20 ; 1 Pet. 1. 10 - 12 .

Feno hatreо, araka izany, ary miaraka amin' ny fanambaran' i Kristy sy ireo Apostoly masina ny kanona aratSoratra Masina, ka tsy miandry fanambarana vaovao avy amin' Atra intsony ny Fiagonana kristiana, Jao. 17. 20 ; Efes. 2. 20; Heb. 1. 1 - 3 .

Ny fepetra voalohan' ny fahefana biblika, eo amin' ny lafiny objektiva, dia ny ampiasan' ny Fiagonana ny Baiboly mba hamaritany ny mombamomba azy ("identité") , sy ny misionany ao amin' izao tontolo izao, ny maha izy azy ("être"), ary ireo asa ataony ("actions") ho fikambanana mampiseho ny tenany ho kristiana.

Eo amin' izay tsy isian' ny Fiagonana, dia tsy misy Baiboly, ary tsy misy izay ilana Baiboly. Araka izany no tsy ahazoana mianatra ny Baiboly ho Soratra Masina, hafa- tsy ao amin' ny kontestan' ny Fiagonana. Raha avela ao ambadika ary ny Fiagonana, dia ho fitambaran' na "documents" nangonina avy tany amin' ny lasa, izay azo apetraka hitovy laharana amin' ireo fanangonana ("collections") " documents" hafa rehetra rehetra ihany ny Baiboly.

Ny Baiboly, dia eo amin' izay itoriana ny Teny sy izarana ny Sakramenta ihany.

Io toetoetra ara- piangonan' io Baiboly io no tokony hofantarina; fa raha tsy izany, dia tsy misy heviny ny hiresahana ny amin' ny fahefan' ny Baiboly. Ny Baiboly no namorona ny Fiagonana; ary ny Fiagonana no namorona ny Baiboly. Niteraka ny Baiboly ny Fiagonana, ary niteraka ny Fiagonana ny Baiboly . Mijoro vavolombelon' ny Fiagonana ny Baiboly, ary ary mijoro vavolombelon' ny Baiboly ny Fiagonana.

Ao anatin' ity fifandraisana dialectique ity, dia omen' ny Fiagonana toerana ho fitsipiky ny fainany

ankehitrio ny Baiboly. Izany no fomba nahazoan' ny Fiagonana hifamatotra amin' ny fanambarana nomena; mikatona amin' izay fanambarana hafa vaovao ambony sy ankoatr' izay ampitain' ny Soratra Masina. Tsy misy hafa ankoatr' izay efa nomena io ihany ( " sola " ) no iankinan' ny Fiagonana.

Ny fepetra faharoan' ny fahefana biblika ho bokin' ny Fiagonana, dia mifototra ( " centré " ) amin' ny fahefan' ny Tompon' ny Fiagonana. Hoan' ny Fiagonana kristiana, sy ny mino tsirairay, ny fahefana tampony ananan' ny Baiboly, dia miakkina amin' ny fijoroany vavolombelona an'i Jesosy Kristy Izay velona, maty, ary nitsangana ho famonjena an' izao tontolo izao; ary velona eto amin' izao tontolo izao amin' ny alalan' ny Teny sy ny Fanahy.

Noho ny amin' i Kristy ny Fiagonana no mitory ny fahefan' ny Baiboly. Kristy no ivon' ny Baiboly ("point central"). Mifototra amin' i Kristy ny Soratra Masina.

Amin' i Lotera, dia fiasam- pahasovana ny Soratra Masina. Tsaraina manontolo araka ny fitsipika tranaina malazan' i Lotera hoe " was Christum treibt " ( = izay mampita na mitory an'i Kristy ) ny Soratra. Miteny momba an'i Kristy ny S.M. manontolo. Io no " res " na "scopus " ao amin' ny " Scriptura " , Jao. 20. 31.

Kristy, araka ny maha- Mpamonjy Azy, fanomezana ho fanamarinana antsika amin' ny alalan' ny finoana, fa tsy ohatra alain- tahaka na mpanome lalàna ( nefo alain- tahaka ihany, eo amin' ny lafiny andaniny ), no ao amin' ny fon' ny Soratra masina.

Araka izany, dia tokony hinoana ny S.M., noho ny elementany fototra, dia Kristy.

Teo amin' ny fametrahana ireo fepetra roa ireo, dia ny konteksta ara- piangonana, sy ny votoaty kristolojika, dia nampikambana izay voasaraka teo amin' ny fifanolanana nisy teo amin' ny Reforma sy ny kristianisma katolika Romana izany.

Fa ahoana moa ny endrik' izany fifanolanana izany, ka nahatonga an'i Lotera hanindry ny hoe : " irery ihany " ? ( Soratra Masina irery ihany ).

Raha ny amin' ny S.M. no neverina, izay nokendren' i Lotera, dia tsy hafa, afa- tsy ny handika, na hanome dikan- tenin' ny S.M. ihany( " interpréter " ). Nomeny toerana be indrindra tao amin' ireo asasorany ny famelabelaran- kevitra ("commentaire") biblika sy dikatenin' ny Baiboly ( " traduction " ). Izay lazain' ny Soratra Masina ihany no nentiny nanohitra ireo mpifanandrina taminy, na ny katolika Romana, na ireo Protestanta namany.

Ny zava- nisy nandritra ny Andro Antenantenanany, dia ireo konsily samihafa sy ny " Magistère " - ny Fiagonana no nanana ny fahefana raha ny momba ny finoana eo anatrehan' ny Soratra Masina. Ny fampianarana navokan' izy ireo izay nolazainy fa mifototra amin' ny Soratra Masina no nampifamatotra ny fivavahana kristiana. Raha nisy olana ,na tsikera, dia nipetraka tamin' ny Magistère ny teny farany. Teo indrindra no nisehoan' ny fanoheran' i Lotera. Novotsoran' i Lotera ny Soratra Masina manoloana ny fahefan' ny Magistère. Naveriny hoamin' ny toerana ambony manoloana ny Fiagonana izay mampianatra sy miaino izany. Nolazainy fa mety ho diso, sy efa diso ny eveka, konsily, sy ny papa. Tsy azo arahina ny fampianaran' izy ireo, raha tsy hoe hita fa mifanaraka tsara amin' ny Soratra Masina. Mazava tsara, ka azon' y kristiana tsirairay fantarina ny Soratra Masina. Araka an'i Lotera, noho ny fanazavana sy fitarihan' ny Fanahy Masina, dia afaka mahatsikaritra ny fahadisoana ataon' ny dokotera amin' ny teolojia ny kristiana eo amin' ny Fiagonana, raha mivily amin' ny fampianaran- diso ny toriteny sy fampianarana ataony. Tsy fikasan' i Lotera velively ny hanohitra ny Magistère; fa ny fandikany ny hevity ny Soratra Masina sy ny fandavan' ny fahefan' ny katolika Romana ny Filazantsara hitany tao amin' ny Soratra Masina sy notoriny tao amin' ny Fiagonana, no nanosika azy hoamin' izany. Tsapan' i Lotera teo amin' ny fiainanay ny fahefana manafaky ny Filazantsara sy ny fahefana avon' ny Soratra Masina manoloana an' ireo mpitondra katolika. Io fahatsapana io no nitarika azy hanoritra tsara ny hoe fitsipiky ny Soratra Masina , na ny hany fahefan' ny Soratra Masina.

Rakitry ny teny vavolombelon' ny Apostoly ny amin' i Kristy ny Soratra Masina. Araka izany, dia fahefana manapaka ao amin' ny Fiagonana izy. Azo lazaina fa fototra ny fahefany; satria izy ireo no fanorenan' ny Fiagonana. Tsy misy fahefana azo ampitovina amin' ny azy. Ny fampianarana na izay fahefana hafa rehetra ao amin' ny Fiagonana, dia alaina mifanaraka amin' ny fampianaran' ireo Apostoly ireo; ary ny fahamarinany, dia araka ny fifannahafany amin' ny fampianaran' izy ireo. Midika izany, fa ny Soratra Masina irery no afaka manorina sy mameletra artiklan' ny finoana. Ny Soratra Masina no manome izay rehetra ilaina momba ny famonjena. Tsy misy fahamarinana hafa ilain' ny kristiana hoamin' ny famonjena ny tenany, hafa- tsy izay voalaza ao amin' ny Soratra Masina irery ihany. Mahakasika na ny artiklan' ny finoana izany, na ny fampianarana etika. " Ampy " ny Soratra Masina, hoy ireo mpanao dogmatiksika ireo, taty aoriania. Tsy ilaina hoamin' ny famonjena izay dogma na fitsipiky ny Fiagonana

izay tsy mbola voarakitra ao amin' ny Soratra Masina.

Tsy manana fahefana hanorina artiklan' ny finoana vaovao na didy vaovao, araka izany, na ny fiangonana, na ireo solon- tenany, na ny konsily aza. Tsy midika anefa izany, fa tokony holavina ireo mpampianatra ao amin' ny fiangonana mbamin' ny asany sy fampianarany teolojika. Ny maha- marim- pototra ireny asa ireny, dia araka ny fifanahafany amin' ny Soratra Masina ihany. Tsy maintsy ampifamatoriny amin' ny Soratra Masina izay lazainy; ary azo tsaraina sy tsikeraina amin' ny fototry ny Soratra Masina. Satria io farany io " ihany no tempo marina sy manapaka ny soratra sy fampianarana rehetra eto an- tany. " ( LW 32, 11, 217). Hofamaranana izay voalaza izay, dia ventin- javatra efatra nentin' ny " Orthodoxie " taty aoriana, no mahafintina izay nambaran' ny Lotera momba ny fahefan' ny Soratra Masina:

- Fahefana ("auctoritas") manokana, satria Tenin' Atra.
- Ampy ("sufficientia"), satria hita ao daholo izay rehetra ilaina momba ny famonjena.
- Mazava ("claritas") ho famonjena ny fanambarany, satria mandika- tena, ka tsy ilàna mpandika azy manokana.
- Mahavita izay lazainy (" efficacia") izy.

#### 2.1.2. - **Sola gratia** ( Amin' ny alalan' ny ahasovana irery ihany ) .

Midika voalohany indrindra izany fiteny izany fa tsy voavonjy amin' ny alalan' ny asa moraly na hafanam- po ara- pivavahana ny olona. Fifandraisam- pitokisana amin' Andriamanitra no tian' i Lotera hotsindriana amin' izany, fa tsy izay miorina amin' ny tahotra sy fanamelohan- tena.

Misy karazana fahamarinana roa araka an' i Lotera, dia ny eo ivelany sy ny ao anaty. Ny fahamarinana ivelany na ny fahamarinana sivily, dia azo avy amin' ny fitondran- tena na asa tsara samihafa. Fa ny fahamarinana anaty kosa, dia ny fahadiovana sy ny fahatanterahan' ny fo no mamaritra azy. Noho izany, dia tsy ho tratra avy amin' ny alalan' ny asa atao ety ivelany izany. Avy amin' Atra io fahamarinana io; ary dia miseho ho fanomezan' ny fahasoavany maha- Ray Azy ihany . Io no loharanon' ny fahamarinana.

Ny anton' ny fahamarinana, dia satria Kristy noho ny fahafatesany no nanonitra ny fahotan' izao tontolo izao. Faritan' ny bokin' ny Apololian' ny Konfesiana Aogostana ny fanamarinana, araka izao : « manadio ny olona meloka sy milaza azy ho marina Atra, ary manao izany Izy noho ny fahamarinan' Anankiray hafa, izay tsy Iza fa Kristy. » Noho izany, dia levonin' Atra ny ota rehetran' ny olona, ary ataony izany, tsy hoe marina ilay olona, fa hoe kosa amarinin' Atra isika, ary lazainy ho marina ilay olona noho ny fitiavan' i Kristy, noho ny fahamarinany, ny fanoavany ny lalàn' Atra, ny fijaliany sy ny fahafatesany. Ambaran' Atra ho marina araka izany ny olona ivelan' izay mety ho fahamendrehany na asa nataony ; dia noho fahasoavana madiodio, tsy misy antony hafa ankoatry ny fahamendrehana, fanoavana tanteraka, fijaliana mangidy, fahafatesana ary fitsanganan' i Jesosy Kristy Tompontsika, noho ny fitiavany, ka ny fanoavany no nisaina hoantsika ho fahamarinana.

Voalaza ao amin' ny Sol. Decl., III, 25 hoe : « ... amin' ny fahasoavana, noho ny amin' i Kristy, amin' ny alalan' ny finoana. » («par grâce, à cause du Christ, par le moyen de la foi. » Ny fiteny hoe fahasoavana (« irery ihany ») araka izany, dia mametraka ny asam- pamonjena amin' ny teo- pamindram- pon' Andriamanitra ao amin' i Kristy (« gratuitus Dei favor »); ary dia manilika ny fiheverana milaza fa antom- pahamendrehana amin' ny fahamarinana ny fahasoavana atsofoka (« gratia infusa »), araka ny teolojia Romana. Araka ireto farany ireto, dia manolotra fahasoavana ny sakramenta, ka mampiakatra hoamin' ny tohatra ambony kokoa ; ka rehefa nandray izany fahasoavana izany ny olona, dia manao ny tsara aminy hahatanteraka ny tanjona. Ny hoe « noho ny amin' i Kristy » amin' ny Lotera anefa dia midika marimarina hoe : « noho ny asam- panavotana fisoloana vitan' i Kristy », satria nahatanteraka ny Lalàna hoantsika Izy, ary nandoa ny sazin' ny helotsika ». (Formule de Concorde, Sol. Décl., III, 14).

Famindram- pon' Atra naharihary noho ny amin' i Kristy irery ihany ny fanomezana azy.

Toetran' Atra tenany ny fahasoavana; ary momba ny maha- Atra Azy mihitsy; dia toetra iheverany antsika mpanota ho toy ny zanany amin' ny alalan' ny fitiavan- dehibe, noho ny amin' i Kristy izany. Ny hoe " fahasoavana " hoantsika, dia midika ho ilay fandraisana famotsoran- keloka, amin' ny famindrampon' Atra, noho ny amin' ny fampanantenan' i Kristy. Araka ny ilazan' i Paoly izany ao amin' ny Rom. 5. 15 manao hoe: " fanomezana amin' ny fahasoavana" ( " don gratuit de la grâce " ). Ary ny famaritana hoe " irery ihany ", ampiasaina miaraka amin' ny tenin' ny fahasoavana, dia midika fa famelan- keloka maimaim- poana sy fampihavanana izany. Tsy manaisotra ny fibebahana sy ireo asa tsara ataontsika anefa ilay famaritana manavaka hoe " ihany " ; fa manaisotra kosa izay mety ho fiheverana ny fahamendrehantsika, ary dia mametraka izay mety ho anton' ny famonjena antsika noho ny amin' ny famindram- po izay naseho

tamintsika ao amin' i Kristy, ka ahazoana milaza fa tena azo antoka izany.

### 2.1.3. - Sola Fide (amin' ny alalan' ny finoana irey ihany) .

Koa, raha tsy ny asan' ny olona no mahavoavonjy azy, dia ny hananany fitokisana an' Atra ihany notadiavina aminy. Io ilay finoana izay teraka sy mivelatra avy amin' ny alalan' ny fandrenesana ny teny soa mahafalin' ny fahasoavana sy ireo sakramenta. Io fahatokiana io no ahatongavan' ny olona ho mambran' ny fiangonana eo an-toerana sy manerana izao tontolo izao. Manilika izay rehetra mety ho asa ataon' ny olona hahatratrarany ny famonjena izany. Finoana ihany no ahazoana fahamarinana. Finoana azo avy amin' ny alalan' ny asan' ny Fanahy Masina sy ny Tenin' Andriamanitra no ahazoan' ny mpanota hanantena ny fahasoavan' Andriamanitra. Io finoana azo avy amin' ny toriteny io ihany no mifanaraka amin' izay manamarina, ary dia fanomezana madiodion' Atra. Tsy resaka fahalalana izany, fa fanekena tsotra ny fahamendrehan' i Kristy atolony hoan' ny mpanota. Ny finoana, araka izany, dia fahatokiana ny famindram-pon' Atra noho ny fitiavany asehony sy atolony ao amin' ny Zanany.

Tsy mba mety ho asa ny finoana, fa fandraisana ("réceptivité"), dia ny mandray an' i Kristy sy izay rehetra nataony. Ilay mino, dia ilay manaiky ny fanapahan- kevit' Atra ny amin' ny fanamarinana. « Tsy manamarina ny finoana , satria asa tsara sy toetra tsara sitrak' Atra; fa manamarina eo anatrehan' Atra izy, noho izy mandray sy manaiky ny fahamendrehan' i Kristy ao amin' ny filazantsara masina. » (Formule de Concorde, Décl. Sol.).

Marihina fa nanohitra ny tradisiona katolika romana momba ny artiklan' ny fahamarinana amin' ny alalan' ny fahasoavan' ny finoana ireo Loterana tao amin' ny konsily natao tao Trente tamin' ny taona 1545. Fa araka ireo katolika, dia tsy mahita sitraka eo anatrehan' Atra ny finoana, raha tsy arahin' asa. Marihintsika fa raha namarotra ireo indolzansa i Tetzel, dia heloka efa voavela izany ; saingy mbola misy sazy miandry, ka any amin' ny afo fandiovana izany vao hovita ; fa ireo izay nividy, dia efa afaka amin' izany. Lavin' i Lotera sy ireo Loterana izany; fa tsy misy ifandraisany amin' ny asa natao; fa ny fahamarinana dia mifandray amin' ny fifandraisany amin' Atra (« coram Deo »); tsy itadiavany fahamendrehana Aminy noho asa vitany, na koa hanafenany ny fahotany noho ny fahasoavan' Atra; fa tanana foana no anatonan' ny mpanota an' Atra mandray izay vitan' i Kristy maimaim- poana hoazy, noho ny fitiavany sy ny indrafony onena azy. Kanefa, eo amin' izay isian' ny finoana an' i Kristy, dia tsy maintsy manaraka hoazy ny fitiavana sy ireo asa tsara, toy ny tsy maintsy hamoazany hazo tsara voa tsara koa.

Araka i Lotera sy ireo Loterana, dia ampianarin' ny Soratra Masina mazava fa amarinina amin' alalan' ny finoana irey ihany (sola fide) ny mpanota, tsy avy amin' ny fanampian' ny asan' ny lalàna, Rom. 3 : 28 ; Filip. 3 : 9. Vantany vao mino ny fampanantenam- pahasoavan' Atra izay natao hoazy ao amin' ny Filazantsara noho ny amin' i Kristy ny mpanota torotoro fo iray, na koa aza, vantany vao mametraka ny fitokisany amin' ny asam- panavotana fisoloana vitan' i Kristy hoan' ny fahotan' izao tontolo izao tamin' ny alalan' ny fanoavany tsy misy kilema, dia amarinina izy; na koa lazaina ho marina manoloana an' Atra, Rom. 3 : 23 – 24 ; Rom. 4 : 6 ; 2kor. 5: 19. Voavela ny helony; tsy isaina hoazy ny fahotany, Rom. 4 : 6 – 8 ; isaina ho fahamarinany ny finoany, Rom. 3 : 21 – 24 ; 4 : 5 ; Gal. 3 : 6 ; Rom. 4 : 3. Tsy manana anjara amin' izany fanamarinana izany izay rehetra mety ho asa ataon' ny olona, raisina ho antom- pahamendrehana, Rom. 3 : 27. Ny hoe « tsy amin' ny asan' ny lalàna », « tsy amin' ny asa atao », ets., dia manaisotra izay rehetra mety ho asa ataon' ny olona amin' ny asan' ny fanamarinana.

Raha mampianatra ny sola fide ny Soratra Masina, dia lazainy fa (a) miorina amin' ny famindram- po maimaim- poanan' Atra ao amin' i Jesosy Kristy ny fanamarinana, na amin' ny fahasoavan' Atra izay « ao am- pon' Atra manokana » (ka dia eo ivelan' olombelona). Ary izany fahasoavana izany, dia ambara sy atolotra ny olona ao amin' ny Filazantsara ; (b) raharaha ara- pitsarana ny fanamarinana (« actus forensis »), ilazan' Atra ny mpanota mino an' i Kristy ho marina ; (d) tsy misy ambaratonga ny fanamarinana, fa miaraka amin' izay sy feno kosa; amarinina ny mino amin' ny fotoana indrindra izay ametrahany ny fitokisany amin' i Kristy ; (e) manamarina ny finoana, tsy amin' ny maha toetra tsara (« vertu »), na toetra ao amin' ny olona, fa araka ny maha fitaovana na fiasana (« moyen ») izay andraisan' ny mino ny fahamarinana tsy misy kileman' ny Mpamonjy, dia Jesosy izany ; ary (f) afaka haazo antoka ny famonjena azy ny mino, satria tsy miankina amin' ny fahamendrehan' ny tenany manokana izany, fa amin' ireo fahamendrehan' i Kristy izay isaina hoazy kosa.

Araka ny Efes. 8, dia: « Amin' ny fahasoavana ianareo no vonjena amin' ny alalan' ny finoana ». Koa, tsindrian' i Lotera sy ireo mpanao dogmatiksika ireo ny hoe « irery ihany » ny momba ny fahasoavana sy finoana. Ao amin' ny teny hoe " amin' ny alalan' ny finoana " indray, dia fitaovana mandray (« medium ", " moyen ») izay andraisan' ny mino hoan' ny tenany ireo fahamendrehan' i Kristy atolotra azy

ao amin' ireo fiasam- pahasoavana, no tondroin' ny hoe Finoana.

Ireo fomba fiteny rehetra ireo dia miaraka manambara ny fahamarinan' ny Soratra Masina fototra, dia ny manao hoe : (a)« tsy avy amin' ny fahamendrehantsika ny fahamarinantsika, fa avy amin' i Jesosy Kristy Tompontsika irery ihany .» (Formule de concorde, Sol. Décl. III, 55) ; (b) « Tsy ny asa fizika atao, na ara- pitsaboana (« médical »), fa asa atao ara- pitsarana » (araka ny efa voalaza teo). Tsy momba ny fanovana ny mpanota ao anatiny, na ny fanamasinana azy; fa asa ataon' Atra izay ilazany ny mpanota ho marina noho ny amin' ny fahamarinana tsy misy kileman' i Kristy, izay raisiny hoan' ny tenany amin' ny alalan' ny finoana.

Tsara ho marihina fa misy fahasamy hafana anefa ny fitsarana ataon' ny Tribonaly, sy ny an' Andiamanitra. Izay tsy mana- tsiny no amarin' ny Tribonaly, ary melohiny izay diso. Ampit. Ohab. 17 : 15. Eo amin' ny asam- pitsarana ataon' Atra, dia manamarina ny meloka izy, Rom. 4 : 5 ; ary izany dia satria nanefa ny troisan' ny ratsy fanahy tamin' ny alalan' ny fanoavany tsy misy kilema Kristy, Is. 53 : 5- 6 ; 2kor. 5 : 21. Zava- dehibe io fanavahana hitantsika io, satria raha tsy manamarina hafa- tsy ny tsy manan- tsiny ary manameloka ny ratsy fanahy toy ny ataon' ny Tribonaly Atra, dia tsy hisy mpanota na iray aza hovoavonjy, Lk. 18 : 14 ; Gal. 3 : 10 ; satria na dia miezaka tahaka ny inona aza ny olona, dia mbola mitoetra ho tsy marina ihany izy manoloana an' Atra, Is. 64 : 4-6 .

(d) « Amin' ny alalan' ny finoana irery ihany » (sola fide). Eken' ny katolika Romana fa vonjena tokoa amin' alan' ny finoana an' i Jesosy Kristy ny mpanota ; saingy tsy ekeny ny hoe amin' ny finoana « irery ihany ». Raha milaza ny famonjena amin' ny finoana izy, dia faritany ny finoana ho toetra tsara (« vertu ») na toe- panahy (« bona qualitas ») izay nambolen' Atra (« gratia infusa ») ao amin' ny olona ; ka ny fiafaran' izany, ny hoe « famonjena amin' ny alalan' ny finoana » raha ny tenamarina hoazy ireo, dia miafara amin' ny « famonjena amin' ny alalan' ny asa ».

Tsindrian' i Lotera tsara anefany hoe « finoana irery ihany ». Amin' izany dia vonjena maimaim- poana manoloana an' Atra, amin' ny fahasoavany, tsy amin' ny alalan' ny asan' ny lalàna, ny mino. Tsindrian' ny Reformatora ny mampiara- dia amin' ny fanamarinana ny mpanota ny fahasoavan' Atra, ny fahamendrehan' i Kristy sy ireo fiasam- pahasoavana ho fitaovana naorin' Atra mba hanolorana hoan' ny mpanota ny asam- panavotana fisoloana vitan' i Kristy hoan' izao tontolo izao . Amin' izany ary, ny hoe Finoana, dia faritan' ny Loterana ho fiasana na fitaovana mandray ny fahamarinana' i Kristy atolotra hoan' ny mpanota ao amin' ny Filazantsara.

Toherin' i Lotera ary io fahadisoan- kevitra « semi- pélagien » (Fampianarana avy tamin' i Pélage, tany Britania, izay nampianatra fa manan- kery hoazy hanao ny sitrapon' Atra ny olombelona) io, ka tsindrian' ny « sola fide » fa mamonjy ny Finoana araka ny maha « médium »na « instrumentum » azy; ary dia tsy tokony heverina ho asa tsara ny hoe Finoana ao amin' ny artiklan' ny fanamarinana. Ampitahao izay lazain' ny Romana ao amin' ny encyclopedie katolika mikasika ny artikla hoe « Finoana », manao hoe : « Raha esorina io mpamaritra 'sola' (irery ihany) manafintohina io, dia hoazon' ny katolika ekena io artikla io ( ny art. IV ao amin' ny Konfesiana Aogostana izany).

(e) « Tsy mitaky ny fiasan' ny asa tsara velively ny fanamarinana raha ny amin' ny tenany manokana ». « Tsy irery na oviana na oviana ny Finoana, kanefa izy irery kosa mandrakariva no manamarina. Ampianarin' ny Soratra Masina mazava tsara izany amin' ny lafiny ankilany hoe : arahin' ny asa tsara mandrakariva ny finoana mamonjy, Rom. 5 : 1 – 5 ; Gal. 5 : 6 : Jak. 2 : 20; ary amin' ny lafiny andaniny indray hoe : tsy araka ny maha- mpiteraka asa tsara azy ny Finoana no mamonjy, Rom. 3: 28

(f) « Tsy miasa amin' ny ambaratonga ny finoana ». Tenenin' ny Loterana izany ho fanoherana ny Romana sy ny Protestanta sasany mandray fomba Romana mampifangaro ny fahamarinana amin' ny fahamasinana ; ka mihevitra fa miroso amin' ny ambaratonga ny fanamarinana. Heverin' izy ireo fa miasa fahatanterahana miandalana ny fahasoavan' Atra ao amin' ny olona ; ka amin' izay dia miankina amin' ny fandrosoany amin' ny fahamasinana ny fanamarinana. Hoan' ny Loterana : Tonga avy hatrany sy feno ny fahamarinana vantany vao mino an' i Kristy ny mpanota, Cf. Rom. 4 : 7 ; Lk. 18 : 24 ; Rom. 5 : 1.

(g) « Fanamarinana feno amin' ny lafiny rehetra ny famelan- keloka, fa tsy ampahany amin' ny singany fotsiny ». Izay mpanota nohamarinina, dia voavela ny helony rehetra ; natafin' Atra azy ny fahamarinana' i Kristy tsy misy kilema, - na noho ny amin' ny fahamarinana' i Kristy, no ilazan' ny Soratra Masina izany, Rom. 3 : 22 ; na ny fahamarinany, Rom. 5 : 18 ; na ny fahafatesany sy ny rany, 1kor. 2 : 2 ; na ny fitsanganany tamin' ny maty, Rom. 10 : 9 ; na ny anarany, 1 Jao. 5 : 13. Ireo rehetra ireo dia milaza zavatra iray ihany, dia ny vokatry ny asam- panavotana fisoloana vitany hoan' izao tontolo izao, -Ampit. Sal. 32 : 1.

#### **2.1.4. - Solus Christus**

Simban' ny ota ny Adama voalohany sy ny taranany rehetra, ka tsy misy na dia iray aza hanana toetra mendrika hanalalana ny olombelona eo anatrehan' Andriamanitra masina. Araka izany, ambaran' ny Soratra Masina fa Jesosy irery ihany, Izay Olona tokoa sy Andriamanitra tokoa no hany nasian' Andriamanitra tombo- kase hanao sorom- pisoloana ho fanesoran- keloka sy fanavotana hoan' olombelona manontolo. Jesosy irery ihany no afaka hahatanteraka sy hanome fahafaham- po ny fitakian' ny lalàna masin' Andriamanitra; dia araka ny 1 Tim. 2. 5 hoe: " Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin' Andriamanitra sy ny olona, dia Jesosy Kristy " .

Noho izany, dia novonjen' Atra ny olombelona noho ny amin' i Jesosy Kristy irery ihany (" propter Christum " ).

Ambaran' io sola io, fa tsy maintsy mandalo amin' alalan' i Kristy ny famonjena antsika, ary amin' ny alalany irery ihany; ary dia ampitaina amintsika amin' ny alalan' ny Filazantsara sy ireo Sakramenta ny asam-pamonjena vitany, fa tsy amin' ny alalan' ny fanelanelanana hafa toy ny " institution ", na ireo olona masina, na ireo relika .

#### **2.1.5. - Soli Deo Gloria**

Ambaran' i Lotera amin' izao filazana izao fa tsy misy na inona na inona azo amantanana ny vavaka ety ambony tany , na olombelona velona na maty, na zavatra, na talinjo ( " symbole " ) .

Andriamanitra ihany no manana ny toetoetra amin' na fombaomba masina, maha- Atra sy tsitoha. Izy Iray Izay Telo, no Telo Izay Iray, no hany Andriamanitra hatramin' ny taloha indrindra, ka ho mandrakizay; mahalala sy mahavita ny zavatra rehetra Izy; Izy no niavian' ny zavatra rehetra, na ny hita na ny tsy hita, sy mampaharitra azy . Izy indrindra koa no iavian' ny famonjena antsika amin' ny alalan' i Jesosy, mbamin' ny fanomezan- tsoa rehetra ivelomana sy ara- panahy rehetra.

Amin' ny fanekena sy fanononana ny hoe " Soli Deo Gloria ", dia manaiky ny kristiana fa ireo fahatsarana voaray avy tamin' ny fiainana teto an- tany , mbamin' ny fanomezana maimaim- poanan' ny famonjena azy, ny avotra sy ny fanomezam- pahasoavana rehetra, dia avy tamin' Andriamanitra irery ihany. Mitarika ny kristiana hanambara fa ny laza, haja, voninahitra, fiderana, fisaorana dia hoazy avokoa; ary dia mendrika ny hiankohofany sy hivavahany Izy.

Ambaran' ny Soratra Masina rahateo, fa Andriamanitra irery no tokony hiankohofana sy hivavahana, ary hoderaina sy homem- boninahitra.

Noho ny hery sy voninahitra ananany, mbamin' ny famonjena sy ireo fanomezana tanteraka rehetra midina avy any Aminy Rain' ny fahasoavana, dia tokony hanome valin- teny aho. Nefa, mba hahazoako hanao izany, dia mila hateraka indray aho; ary na izany koa aza, dia efa notanterahiny tamiko tamin' ny alalan' ny Teny nambara, dia Jesosy Kristy, noraisiko tamin' ireo fiasam- pahasoavany, tao amin' ny Fiagonany izany. Ireo anton- javatra ireo no ilazantsika hoe: " Soli Deo Gloria " . Vakio Eks. 20. 3 - 5 ; Asa.19. 17 ; 1 Tim. 1. 17 ; Apok. 5. 13 - 14 ; 7. 10 - 12 .

#### **2.2. -**

Nisedra adim- pampianarana koa i Lotera momba an' ireo Sakramenta, na teo amin' ireo Katolika Romana, na teo amin' ireo samy Protestanta .

Ny amin' ny isan' ny Sakramenta sy ny natiory, ny fomba fanao, ary ny raharaha- pisoronana no nisian' ny adim- pampianarana teo amin' ny Katolika Romana.

Araka an' i Lotera, dia ny Tenin' ny Filazantsara no ivon- javatra ihodidinan' ny fanambarana rehetra ao amin' ny Soratra Masina, ka mitory an' i Kristy. Ary noho ny ifandraisany amin' i Kristy io no ananany fahefana sy maha- fiasam- pahasoavana azy; ary, raha ny marina, dia io ihany no hany fiasam- pahasoavana; saingy noho ny fisiandy sy fikambanany amin' ireo Sakramenta , no mahatonga an' ireo fanorenana ireo ho fiasana manan- kery izay anoloran' ny Fanahy Masina, itondrany, ary anaovany tompobo- kase ny famelan- keloka, fiainana, sy famonjena; ka anomezan' i Kristy Ilay nitsangana antoka hoantsika. Manana fijery " christocentrique " momba ny Baiboly i Lotera, izany hoe, milaza an' i Kristy ho ivon- javatra fotra ao amin' ny Soratra Masina.

Amin' izany ary, ny Teny, miaraka amin' ireo Sakramenta ireo no tena fiasam- pahasoavana izay ataon' ny Fanahy Masina fitaovana " iantsoany, anazavany, anamasinany, ary iarovany ny kristiana tsirairay sy ny Fiagonana manontolo amin' ny finoana marina amin' i Jesosy Kristy " .

Ny Batisa sy ny Fanasan' ny Tompo, araka ny ampiararin' ny Soratra Masina, no no Sakramentan' ny Fiagonana kristiana. Izy ireo no fiasana manan- kerin' ny Fanahy Masina, izay anomezana ny famelan- keloka, ary ny fahasoavan' Andriamanitra manamasina nampanantenaina tao amin' ny

Filazantsara.

Naorina ny Batisa hahatonga fanavaozana sy fiterahana indray. Ny Fanasan' ny Tompo indray, dia " tena aman- dran' i Jesosy Kristy Tompontsika tokoa, miombona amin' ny mofo sy divay, nomena antsika kristiana hohanina sy hosotroina, araka ny naorenan' i Kristy tenany azy.

Iray amin' ireo niavahan' i Lotera lehibe tokoa teo amin' ny Katolika sy ireo Protestanta hafa ny amin' ny Sakramentan' ny alitara. Raha tsy hitany akory izay ifandraisian' ny fampianaran' ny Katolika Romana ny amin' ny " transubstantiation " ( fiovan' ny singan' ny Fanasan' ny Tompo ho tena sy ran' i Kristy ) amin' izay lazain' ny Soratra Masina, dia nameraka ny fampianarany ho araka izay voalazan' ny Soratra Masina kosa izy; dia izay mitaky ny finoana sy ny fisian' ny tena sy ran' i Kristy tokoa ( " Consubstantiation " no ilazana azy, dia fisiana, fanatrehana, na fiombonan' ny tena sy ran' i Kristy tokoa ao amin' ireo singan' ny Fanasan' ny Tompo (" présence réelle " ); dia fisiana ara- zava- miafin' Atra, voalazan' ny Soratra Masina, ka inoana ).

Tao koa ny fiavahany ny amin' ny isan' ny Sakramenta. Raha fito ny isan' ny Sakramenta teo amin' ny Kat. Romana ( Batisa, Eokaristia, konfirmasiona, konfesy, mariazy, ordinasiona, fansorana farany ), dia nesoriny kosa izay rehetra hitany, fa tsy votendrin' ny Soratra Masina sy tsy ara- pilazantsara; ka roa sisa no nohazoniny, dia ny Batisa sy ny Fanasan' ny Tompo ihany; na dia mbola nampiharina ihany ny konfesy tamin' ny fotoana mbola naharitraritra.

Hoan' ireo Protestanta hafa indray, dia fahatsiarovana ihany ny Fanasan' ny Tompo. Ny hoe " ity no tenako ", na " ity no rako ", dia hoe manambara ny tenako, ny rako ireto. Tsaroviny amin' izany Kristy nanolotra ny tenany sy ny rany ho famonjena antsika; ka izay mino ny asam- pamonjena sy fanavotana vitany ihany no hovonjena. Tsarovany amin' izany izay nataon' i Kristy hoantsika. Hevitri' i Zwingli sy ireo mpiara- dia aminy izany.

Hoan' i Calvin manokana, dia miampy hoe: ampiombonin' ny Fanahy Masina amin' i Kristy any an- danitra ny fanahin' ny mino mandray ny Fanasan' ny Tompo.

Azontsika lazaina koa fa samy hafa amin' ny azy ny fampianaran' i Lotera mikasika ny Batisa. Hoazy ireo, dia tsy fiasam- pahasoaavana anoloran' Atra fanomezam- panahy sy fanasan' ny fiterahana indray ny Batisa; fa fampidirana antsika ho an' isan' ny vahoakan' ny Fanekena Vaovao fotsiny, " antoka " hoamin' ny famonjena .

Raha ny amin' ny fampianaran' ny Loterana, dia nisy tsy firaisan- kevitra ihany tamin' ny lohahevitra sasantsasany teo amin' ny fiantombohan' ny Reformasiona; saingy tafaray ihany ny hevitra tamin' ny alalan' ny fifampandinhana tany Wittenberg ny taona 1536; ary voarakitra ao amin' ny hoe " Firaisan- kevitra natao tao Wittenberg " ( " Concorde de Wittenberg " ) izany. Hain' i Lotera tokoa fony fahavelony ny nampiray ny teolojian' ny Protestantisma Alemà. Notsindrian' i Lotera mafy ny firaiana sy fiavahan' ny Lalàna sy Filazantsara; ary ny fampianarana madio na diso io artiklan' ny finoana io no mampijoro na mampidaraboka ny fiangonana, araka ny teniny; dia araka ny hamelarantsika izany indray eto ambany.

### 2.3. - **Ny Lalàna sy Filazantsara**

Efa nomarihina tery ambony fa ny Soratra Masina irery ihany ny fanambaran- tenan' Atra, anorenana ny fampianaram- pinoana sy ny etika; ary ny mpanota dia amarinina sy vonjena noho ny fahasoavana ( sola gratia), amin' alalan' ny finoana an' i Kristy Atra - Olona ( sola fide ), Izay manaisotra ny fahotan' izao tontolo izao ( " grâce universelle " ) noho ny asam- panavotana fisoloana vitany, dia araka izay ambaran' ny Soratra Masina ( " sola scriptura " ).

Zava- dehibe loatra ny fampianarana ny amin' ny fanamarinana maimaim- poana amin' ny finoana izay voaafina tao amin' ny Fiangonana Katolika Romana. Izy no ijoroan' ny Fiangonana na ahalavoany ( Cf. Konf. Aog. art. 4 ). Asan' Atra irery ihany izany famonjena izany, ary miorina amin' ny fahasoavana irery ihany. Ny fitokisana izany fahasoavana izany no finoana mamonjy.

Ny famelan- keloka atolotr' i Kristy no anamarinana ny mpanota; ary amin' izany, dia sady marina izy no mpanota izy. Ny finoana teraky ny Tenin' Atra ao amin' ilay nohamarinina, dia miteraka olom- baovao izay miady amin' ny ota.

Marihina fa tsy voaova ho marina ilay mpanota izay nohamarinina; fa voambolana ara- pitsarana (" actus forensis " ) no ilazana azy, dia hoe: isaina ho marina izy ( " imputatio justitiae " ).

Amin' ny alalan' ny Tenin' ny Soratra Masina Atra no mifampiraharaha amintsika . Tsy manana mpitari- dalana tsy mety diso eto an- tany ny olombelona; ka dia ny Tenin' ny Soratra Masina izay manambara an' i Kristy no itarihany azy. Tonga amintsika amin' ny endrika roa, lalàna sy filazantsara , izay

samy iasan' ny Fanahiny Masina, izany Teny izany. Avahan' i Lotera tsara ny Lalàna sy ny Filazantsara . Mitaky asa ny Lalàna, dia ny Didy folo sy fitsipika maro ao amin' ny Soratra Masina. Mandresy lahatra ny olombelona hihaiky ny fahotany amin' alalan' io Teny io ny Fanahy Masina. Tsapan' ny olona ao amin' ny feon' ny fieritreretany ihany ny feon' ny Lalàna, na dia mety hanjavozavo ihany izany noho ny fanimban' ny ota.

Amin' i Lotera, dia misy asany roa ny Lalàna , dia ny asany eo amin' ny fiaraha- monina sy ny olona tenany, mba hisian' ny fandriana fahizay ( " usus civilis " ); ary ny asany faharoa, dia ny fahalalana ny ota, ka hitarika ny mpanota mibebaka hoamin' i Kristy , Cf. Rom. 1. 19 - 20 ( " usus theologicus " ). Manoritra asany fahatelo ny fampianarana Loterana, dia ny fitarihan- dalana ny mino.

Ny Filazantsara kosa, dia miteraka finoana andraisana ny famelan- keloka, fainana, ary famonjena atolotr' i Kristy. Manambara ny fanomezan' Andriamanitra ny Filazantsara; tsy mitaky zavatra toy ny Lalàna izy; ny kendreny dia ny fandraisana sy ny fanekena azy ihany. Araka izany, dia tsy avy amin' ny asa ny fanamarinana; fa avy amin' ny finoana teraky ny Filazantsara ihany.

Hatramin' ny fahalavoana, dia simba tanteraka ny natioran' ny olona, ary dia tsy manana sitrapo afaka hahatratra zava- panahy. Ny ota fototra izay mahatonga fahasimbana tanteraka ao amin' ny natioran' ny olona, dia mitaky ny ilàna ny asam- pamonjen' Andriamanitra ao amin' ny fanamarinana ny mpanota. Mety tena hahiratra ihany ny sain' olombelona momba ny zavatra eto amin' izao tontolo izao; fa raha ny amin' ny zava- panahy kosa, dia tsy hainy na tratrany mihitsy izany.

Isaina hoan' ny mino ny fahamarinan' i Kristy eo amin' ny fanamarinana azy; ary dia afaka hanaiky izany ilay olona noho ny finoana noforonin' ny asan' ny Fanahy Masina tamin' ny alalan' ny Tenin' Andriamanitra. Ny finoana raisin' ny mino toy izany, dia miteraka asa tsara, vokarin' ny fitiavana ( Gal. 5. 6 ) .

Fiasana eo am- pelatahan' ny Fanahy Masina ny Fiagonana ho fitaovana ampiasainy amin' ny fitoriana ny Filazantsara sy fizarana ireo Sakramenta. Ny Teny no fahefana tampony mifehy ny finoana sy fitondrana eo amin' izany Fiagonana izany. Ny amin' ny rafi- pandaminana sy fitsipi- pifehezana no hojerentsika indray fohifohy manaraka eto.

#### **2.4.- Ny rafi- pandaminana sy fitsipi- pifehezana .**

Teraky ny Fanahy Masina amin' ny alalan' ny Tenin' Andriamanitra ny Fiagonana.

Tsindrian' ny fampianaran' ny Fiagonana ny maha- iray ny kristiana marina ao amin' ny Filazantsara, dia ao amin' ny fifanarahana anaty ao amin' ny fanahy sy fainana. Ny Teny no fiasan' ny Fanahy Masina niantso, mihaizona sy mampaharitra ny tsirairay ao amin' ny Fiagonana, ary mampiombona ny rehetra amin' ny finoana iray iombonana; satria iray ny Teny, iray ny Batisa, iray ny Tompo .

Raisin' ny Loterana ho mametraka ny tsirairay ho tompon' andraikitra manoloana an' Andriamanitra amin' ny toe- javatra rehetra mikasika ny finoana sy ny fainana ny Teny. Mamatotra ny feon' ny fieritreretan' ny tsirairay izany.

Mametraka rafitra ivelany ifandaminana sy ifampifehezana ihany anefa ny Loterana, dia araka izay mety ilany azy, hifanentana amin' ny toe- java- misy iainana. Latsadatsaka ihany, araka izany, ny fanomezan- danja ny rafitra ivelany izay manana fandaminana voafaritra tsara sy lalàm- piagonana. Koa satria mifototra amin' ny Tenin' Andriamanitra ny hery rehetran' ny Fiagonana, dia miankina amin' ny feon' ny fieritreretan' ny tsirairay eo ambany fanapahan' izany Teny izany ny fahefana farany hoenti- manapaka .

Ny fiagonana tenany eo anatrehan' izany, dia tsy maintsy hitandrina ny Teny ho madio araka ny Soratra Masina sy ny fanolorana marina ny Sakramenta, manoloana ireo toe- javatra samihafa atrehina sy ny zava- misy diavina miovaova, araka ny firosoan' ny vanin' andro.

Manana ny komitiny ny fiagonana, eo ambany fitarihan' ny pastorany. Mba hisian' ny filaminana, dia mitsangana manoloana ny rehetra ny pastora, misolo- tena ny rehetra amin' ny fanaovana ny raharaha ministerialy . Mitovy amin' ny kristiana marina rehetra ihany izy; saingy nomena fahefana hisolo- tena ny rehetra izy, ka ampitafiana ny akanjo pastoraly ho marik' izany. Mpanompon' ny Teny izy, ary mampihatra koa ny tapaky ny komity. Nefa raha hitany fa mifanohitra amin' ny Teny ny fanapahan- kevity ny komity, dia tsy azon' ny pastora ekena izany. Aleony aza hesorina amin' ny fanompoany, toy izay hanao mifanohitra amin' ny Teny, - araka ny fitsipika napetrak' i Lotera.

Manaja sy mampihatra lalàna sy fitsipika atsangana ny Loterana, araka izany; saingy ny fahefan' ny Teny no ambony indrindra; ka tsy maintsy hifanarakana sy hifanentana amin' izany ny fitsipika sy rafi- pandaminana rehetra atsangana ao amin' ny fiagonana.

Misy rafi- pitondrana sy rafi- pandaminana (" organisation" sy " organigramme" ) atsangana mipetraka tsara

koa ny Fiagonana Loterana, dia araka izao horesahintsika amin' ny manaraka izao.

## **2.5.- Ny organizasiona .**

Ny rafi- pitondrana, na organizasiona eo amin' ny Loterana, dia tsy fitsipika na rafitra natsangana tsy azo iadian- kevitra; fa toe- javatra azo amboarina hifanentana sy hifandray amin' ny toe- javatra miovaova atrehina eo an- toerana isiana.

Ny fampianaran' ny Loterana mametraka ny ivon' ny finoana ara- pilazantsara ao amin' ny fiaianana ny famelan- keloka, noho ny finoana ny asam- panavotana vitan' i Kristy, araka ny voalaza ao amin' ny Soratra Masina ( fampianarana araka ny voalaza tery ambony hoe :" fanamarinana amin' ny finoana " ), dia mamela ny raharaha hafa rehetra rehetra hoamin' ny fahafahan' ny fiagonana ("congrégation"). Niteraka fahasamy hafan' ny organizasiona ao amin' ny Fiagonana Loterana izany.

Mety ho samy hafa be ny rafitra sy organizasion' ny fiagonana eo amin' ny faritany samihafa; nefà dia mbola loterana tokoa izy rehetra. Araka izany, dia mety hisy fiagonana loterana maro samihafa; nefà dia finoana loterana iray, fihaikena an' izany finoana loterana iray iombonana izany ihany no misy. Izany finoana iray izany, izany fihaike- pinoana iombonana iray izany, dia teny vavolombelon' ny Soratra Masina izay tsy maintsy eken' ny kristiana marina rehetra. Ireo symbola ( ara- panekem- pinoana ) loterana manokana ireo manko, dia tsy fikendrena hanomezana fahazavan- kevitra ny amin' ny fahamarinan' ny Soratra Masina manontolo voarindra tsara, na koa aza hanehoana rafitra ara- pampianarana; fa fanazavan- kevitra hoenti- manitsy teo amin' ny nahavoakasika ny fahamarinana, na nampiviliaina, na nanovana izany kosa. Nilaina izy ireny hiatrika krizy ara- panahy, na ara- pampianarana.

Ireny krizy tamin' ny fotoan' androny indray, dia niteraka krizy hafa indray taty aoriana teo amin' ny laharan' ny samy loterana; ary hita voataratra ao amin' ireo symbola ireo izany. Nosoratana ny "**Konfesiana Aogostana**" hatolotra ny Emperora sy ny fivoriam- panjakana. Malefaka ny akon' ny tsindrim- peo ao, satria mbola nantenaina tamin' izany fotoana izany fa hahatsapa ny fahadisoany ny Fiagonana Romana, ary dia hiverina amin' ny fahamarinana izy. Etsy andaniny indray, "**Ireo Artikla Smalkaldana**" izay nosoratana taty aoriana, tamin' ny fotoana nahitana fa foana izay mety ho fanantenana ny amin' ny hisian' ny fanavaozana tao amin' ny Fiagonana Katolika, na dia mitovy amin' ity voalohany ity aza ny fahamarinan- javatra velarina ao, dia samy hafa tokoa ny fomba fiteny sy ny tsindrim- peo. Ireo "**Katekisma**" roa ireo indray, dia nosoratana hifanentana amin' ny mpino tsy voakarakara ara- pampianarana. Ny "**Formule de Concorde**" indray, dia noho ny fifolanana ara- pampianarana anatiny niseho teo amin' ny samy Loterana.

Natolotra ao amin' ireo symbola ireo ary ny fampianarana marina, dia samy mandrafitra ny organizasiany ny amin' ny zotram- pitondrana samihafa isam- paritra ny samy Loterana. Avahany tsara ny Fiagonana manoloana ny Fitondram- panjakana. Samy fiasana eo am- pelatanan' Andriamanitra na ny Fanjakana na ny Fiagonana. Samy mpanompon' Andriamanitra ny mpiasa eo amin' ny andaniny sy ny ankilany. Fahefana roa samy hafa anefa ireo sokajy roa ireo. Miorina amin' ny sabatra ( fiadiana hary fomba kokoa ankehitriny ) ny fahefan' ny Fanjakana. Izany no fitaovana entiny mampanjaka ny fahamarinana hiadan'an' ny ambanilanitra. Ny herin' ny Fiagonana indray anefa, dia milankina amin' ny Tenin' Andriamanitra ihany, hanomezana zava- panahy sy fiaianana. Ara- pitsipi- pampianaran' ny Loterana, dia misaraka ny Fiagonana sy ny Fanjakana. Noho ny toe- javatara ara- politika teo amin' ny tantara anefa, dia tafakambana ny fanjakana sy ny fiagonana teo amin' ny firenena sasany. Ao amin' ireo firenena aty Europa izay manaiky ny Reformasiona ho endriky ny fampitsofohana ny Fiagonana ao anaty rafitry ny Fanjakana, dia tonga fiagonam- panjakana ny fiagonana loterana any. Hita izany any Alemaina sy Skandinavia. Toy izany koa any amin' ny faritra Alsace sy Lorraine, aty Frantsa. Ireo roa farany ireo indray, dia konteksta ara- politika manokana hatramin' ny andron' i Napoléon no niteraka izany.

Rehefa mitambatra ny fiagonana sy ny fanjakana, dia misy solon- tenan' ny fiagonana eo amin' ny fitondrana miraharaha ny fitondrana ny fiagonana; ary ekena ny toeran' ny eveka, na dia amin' ny fahefana voafetra aza.

Tsy tian' ny Loterana ny rafi- piagonana misy ambaratongam- pitondrana; ka dia azoniny ny fahaleovan- tenan' ny fiagonana an- toerana tsirairay; kanefa kosa mifamatotra eo amin' ny fampianarana sy ny fampiharana ny Tenin' Andriamanitra izy tsirairay.

**Episkopaly**, ny fitondrana ny fiagonana loterana sasany, izany hoe, tarihin' ny eveka. Hita izany any Skandinavia, ohatra, indrindra fa any Suède. Ny fitondrana **Episkopaly Synodaly** no maro an' isa indrindra eo amin' ny Loterana manerana izao tontolo izao.

Matanjaka indrindra kosa ny **Kongregasionalisma** any Amerika. Maromaro ny fiagonana loterana mahaleo

tena tany taloha. Nisy ezaka matetitetika nampikambana azy ireny. Niovaova koa ny rafi- pitondram- piangonana; fa izay azo ambara aloha amin' izao, dia ny fiangonana an- toerana tsirairay ( samy mahaleo tena ) no mivondrona ho konferantsa --> synoda --> synoda jeneraly ( tarihin' ny eveka jeneraly sy ny lefiny ( prezidà lefitra ) izay saika loholona matetika.

Amin' ity fiangonana ity, ny synoda ( rezionaly na jeneraly ) no mamoaka fitsipika iraisana ankatoavin' ny rehetra; saingy tsy dia fanao any ny mamoaka teny midina eo amin' ny fandaminana. Mahaleo tena ny fiangonana tsirairay eo amin' ny fanapahan- keviny. Fifampandinahana (" dialogue ") no fanao. Midina ny prezidan' ny synoda ( eveka ) manao dinidinika amin' ny fiangonana.

Ny fiangonana no miantso ny pastorany. Misy candidats maromaro mifampidinika amin' ny komity, ka izay lany no voafidy; ary ny prezidan' ny synoda no manome ny taratasy fanendrena ("décision"). Azon' ny prezidan' ny synoda atao anefa ny mandà izany fanendrena izany, raha misy antony manokana iheverany izany.

Miavaka tokoa ny " congréationnalism " any Amerika. Misongadina be ny fahefan' ny fiangonana tsirairay. Hafa be aty amintsika izany. Isika rahateo moa synodaly.

Marihina fa ny zava- misy eo amin' ny rafitra eo amin' ny samy fiangonana dia miakkina be amin' ny konteksta ara- tantara; ka ilaina ny fahamalinana mba tsy haka tahaka be fahatany fotsiny; satria mety tsy ho tandrify amin' ny toerana anankiray ny zava- misy amin' ny toerana anankiray hafa.

Ny any Alemaina indray, dia misy ny Fiagonam- panjakana Loterana. Ao koa ireo mahaleo tena; ary ao ireo Loterana sy Réformées nikambana ho iray.

Nahitana fiangonana madinidinika Loterana sy Réformées nikambana ho iray taty Alsace sy Lorraine. Nisy koa tany amin' ny faritr' i Paris; saingy rava indray ny fiombonana, satria noheverin' izy ireo fa mahasalama azy kokoa ny mitokana. Fa vao taona vitsivitsy izay, dia tafakamba ho iray ireo Fiagonana Loterana sy Réformées manontolo aty Frantsa mitondra ny ny anarana hoe EPUF ("Eglise Protestante Unie de France").

Araka ny hita teo amin' ny tantaran' ny Fiagonana, dia matetika amin' ny faritra maro manerana an' izao tontolo izao no nisian' ny faniriam- piombonana ho fiangonana iray; saingy amin' ny ankapobeny dia tsy voatazona ny Loterana, fa misintaka hitokana izy. Ady hevitra amin' ny foto- pinoana, indrindra fa ny mikasika ny Sakramenta no isehoan' ny olana matetika.

Ny any Norvège ( Ny Skandinavia iray manontolo moa sy Suède koa aza ) koa, ohatra, dia fiangonam- panjakana ny Fiagonana Loterana any. Mpiasam- panjakana ireo mpiasam- piangonana; ary episkopaly (tapahan' ny eveka ) ny fitondrana. Ny fitondram- panjakana no tompon- teny farany amin' ny fanendrena izay ho lehibe ( arseveka ) ao amin' ny fitondrana ny Fiagonana.

Tsapa ihany amin' ireny fiangonam- panjakana ireny, ny fanerena na ankolaka na mivantana ataon' ny fitondram- panjakana; ka manimba ny fahasalamana sy ny aim- panahin' ny fiangonana; satria izay tapahin' ireo solombavam- bahoaka no hampiarina eo amin' ny fiangonana. Noho izany, dia misy misintaka miorina ho fiangonana mahaleo tena ny sasany amin' ny samy mino (" Fiagonana Evangelika Mahaleo Tenan' i Norvezy "). Ao koa ireo manangana fikambanana mahaleo tena ( ny NMS = " Norwegian Missionary Association " ). Mianto- tena izy; manana ny organizasianany manokana.

Ny maha samy hafa ny rafi- pitondrana eo amin' ny Fiagonana Loterana, dia avy amin' ny Fanekem- pinoana " Konfesiana Aogostana " artikla faha- VII ihany manao hoe: "... ary mampikambana ho tena iray ny Fiagonana ny fifanarahana ny amin' izay fampianarana marina ny amin' ny Filazantsara sy ny amin' ny fanolorana ny Sakramenta. Fa na dia tsy mitovy aza amin' ny fomba ivelany, izay voatendrin' ny olona, dia tsy mampaninona loatra izany. Fa hoy i Paoly ( Efes. 4. 5 - 6 ) : ' Iray ny Tompo, iray ny finoana, iray ny Batisa, iray Andriamanitra sady Rain' izy rehetra. "

Araka izany voalaza izany, dia tsy ilaina ny fitoviana amin' ny zavatra rehetra hafa- tsy ao amin' ny fampianarana fototry ny Soratra Masina ihany.

Izany "flexibilité" ( fahazoana hifantenana amin' ny toetr' andro, hira- dia ..., ets. ) izany, no nahazoan' ny Loterana hampifanentana ny tenany arakaraka ny toe- draharaha politika eo amin' ny firenen- tsamy hafa . Na dia manana izany "flexibilité" izany anefa izy, dia mahatsiaro ny Reformasiona notarihiny ho fifohazam- panahy; ka dia mitahiry ny rakirby ny ela izy ("conservateur"); fa tsy mpaka tahaka amin' izao fotsiny an' ireo antokom- pinoana samihafa manodidina azy, na ny fomban' izao tontolo ("sécularisme"); nefo dia manaiky tokoa ny fivoarana ( araka ny mbola holazaintsika eto ambany ) eo ambany fitarihan' ireo foto- pampianarana voazaha toetra.

Tiako ny manamarika fa ny fampidirana be loatra ny fanaon' izao tontolo izao (" sécularisation" ) tao amin'

ny fiangonana, no an' isan' ny nampangatsiaka taty amin' ny tany Tandrefana.

Raha ny tany an- tanindrazantsika, ny Fifohazam- panahy notarihin' ireo raiamandreny karismatika tao amin' ny Fiangonana Loterana sy Réformée no tena nampandroso sy nahazoan' ny roa tonta aina fatratra. Amin' izao ankehitriny izao, dia tena manahy ny tenako, fa saika mahazo vahana loatra amin' ireo fiangonana roa ireo ny fomba ivelambelany sy asan' ny nofo ho fampandrosoana ny fiangonana. Singaniko amin' izany ny fanomezana toerana be ny baolina kitra sy ny dihy, toy ny fanaon' izao tontolo izao, ho fitaomana ny tanora . Mihevitra ihany ny tenako, fa angamba fo tsy tena mbola voatolotra tolo- botsotra feno hoan' ny Tompo no anton' ireny dihy fanaon' izao tontolo izao isehoan' ny hafanan' ny asan' ny nofo atao ao am- piangonana ireny; fa sady mbola ao ihany ny fitiavana izao tontolo izao, no ao ihany koa moa ny finoana, etsy andaniny .

Ireo raiamandrenim- pifohazana nahataona ny mafy fo sy mpanompo sampy teo amin' ny firenena, ka tonga hery lehibe na- toy izao ireo fiangonana roa tonta ireo anefa, dia ny fitoriana madio ny Filazantsara, manindry mafy ny fibebahan' ny mino, no nanomezan' ny Tompo azy ireo vokatra; ka mbola voarakitra ao aminy ihany ankehitriny, ka tsy mampidaraboka ireo fiangonana ireo.

Tiako ny manamarika fa tena ilain' ny tanora ( ny olona rehetra aza ) ny fanatahan- tena; saingy neveriko fa tsy tokony handany fotoana be amin' izany ny Fiangonana; fa zavatra efa iainana eo amin' ny fiaraha- monina ; ka afaka mitsofoka any amin' ny sehatra samihafa misy izany ireo tanorantsika; ka hisehoany amin' izay sehatra nosafidiny izay ho jiro sy fanasina antenaina hahataona ny tsy mbola mino ao. Tena mety sy tsy mahadiso anefa, raha te- hiara- hilalao sy hiala vonkina ny tanoran' ny fiangonana mandritra ny fivoriana iraisany. Zavatra tadiavin' ny vatany rahateo izany. Fa ny fanaovana fifaninanana eo amin' ny kitra, hampiasana hery handrombahana ny fandresena, dia mety hiteraka herisetra sy ady; ka mety hanimba ny firaisan' ny fitiavan' ny fiombonana. Ny kilalao sy fialam- bonkina tsotra, no mety hampandroso ny firahalahiana .

Na dia maro karazana samihafa ireo Loterana ireo, dia tena hainy ny mampiray ny tenany noho ny firaisan- kevitra iombonany manohana ireo lohahevitra fototry ny Reformasiona, sy ny fanindriany ny fanamarinana ny mpanota noho amin' ny alalan' ny finoana irery ihany, izay voarakitra ao amin' ireo soratra symbolikan' ny Fiangonana Loterana ( singanina manokana ny Konfesiona Aogostana sy ny Foto- pianaranana Kely ).

Niorina ny fiombonan' ny Fiangonana Loterana eran- tany tamin' ny alalan' ny fanorenany ny Federasiona Loterana Eran- tany any Genève ( Suisse ) tamin' ny taona 1947. Marihintsika fa mbola misy ihany amin' izao fotoana izao ireo Fiangonana Loterana madinidinika amin' ny faritra sasantsasany izay tsy mbola tafidittra amin' ity fikambanana lehibe ity.

Noho ny fifikiran' ny Loterana mafy amin' ny " doctrine " ( fampianarana ) iombonany, dia tena tsapany fa ny fiangonana dia ena ekiomenika sy katolika ( izany hoe, manerana izao tontolo izao ); ka dia mandray anjara mavitrika eo amin' ireo fihetsiketsehana ekiomenika koa izy ( Ny taona 1999 angamba izy iny, nifanatona ny Katolika sy Loterana tao amin' ny komisiona notarihin' i Rev. Christian Krause, avy tamin' ny Loteran, sy ny kardinaly Cassidi avy tamin' ny katolika Romana, niara- nandinika ireo lohahevitra nampifanolana fahiny, ka nahatonga ny fisarahana. Efa nahitam- bokatra be izany; ary tatoato aza, dia nanangasanga ny hevitra hoe: " hiverina hitambatra ve ? " . Misy fandrosoana ny fifanatonana; ary tamin' ny fankalazan' ny Loterana ny faha- 500 taonan' ny Reformasiona tany Suède, dia tonga nira- nankalaza ny papa; ary angamba niara- nandray ny Fanasan' ny Tompo aza, - raha tsy diso ny fitadidiako .

Araka izany, dia mikambana koa ao amin' ireo fikambanana ekiomenika toy ny " Filan- kevitra Ekiomenikan' ny Fiangonana " ( COE = Conseil Oecuménique des Eglises ) sy fikambanana hafa iraisam- pirenena koa ny Loterana; ary izay ataony, dia fanomezan- toerana voalohany indrindra ny fifanakalozan- kevitra (" dialogue ") eo amin' ny samy fianakaviana konfesionaly. Izany, dia mifandray tsara amin' ny fahareseny lahatra milaza fa ny fiombonana hentitra sy iraisana eo amin' ny samy fiangonana misaratsaraka, dia tokony hiorina amin' ny firaisan- kevitra ao amin' ny finoana, ary hiseho voalohany indrindra ao amin' ny fiarahana miombona mitory ny Teny sy mizara ny Sakramenta .

Heverin' ny Fiangonana Loterana fa mpiara- mandova ny Fiangonana trrainy izy; nohavaozina mifanaraka amin' ny Filazantsaran' i Jesosy Kristy ; ary dia mijoro vavolombelon' ny Tompo tokan' ny Fiangonana izy ambara- piavin' i Kristy Izay hanehomarimarina ny hevity ny fanambaran- tenan' Andriamanitra amin' ny zanak' olombelona.

## 2.6. - Ny litorjia .

Ny amin' ny fombampombam- pivavahana ( Ritoaly ) arahin' ny Loterana, dia hita indray koa ny fahafahana eo amin' ny fandaminana ny fanompoam- pivavahana, toy ny hitantsika teo amin' ny rafipitondrana. Tsy misy ny hoe Litorjia Loterana iray mitovy iraisan' ny samy Loterana. Namorona litorjia nantsoiny hoe " Lamesa Alemà "\*( " German Mass " ) sy " Lamin' ny fanompoana an' Andriamanitra "\*( " Order of Divine Worship " ) ihany i Lotera; saingy nataony ho modely ankabobeny hoan' ny Fianganana Loterana fotsiny izy ireo; fa ny tsirairay no handahatra ny endriky ny litorjiaby hifanentana amin' ny toejavatra atrehina eo an- toerana sy araka izay takin' izany.

Izay nokendren' i Lotera, dia ny hitahiry ny fombampombam- pivavahan' y Fianganana Katolika tranainy, nodiovina hoafaka tamin' ireo haitraitran' ny Romana, ary dia hanolotra azy hoan' ny vahoaka hoamin' ny fiteniny teratany avy.

Notohizany ny fanaovana ny batisan- jaza. Notazoniny ny taom- piangonana, ny alitara, ireo lambam- piangonana, ny jiro, ireo fetim- piangonana, ny mozika .

Nanaisotra izay rehetra nananan' ny Fianganana Katolika Romana ireo mpanaraka an' i Calvin sy i Zwingli; i Lotera indray kosa dia niaro na inona na inona tsy mifanohitra amin' ny Soratra Masina.

Izay nodidian' ny Soratra Masina ihany no neken' ireo Protestanta maro hafa .

Tsara ny manamarika fa mpitendry mozika mahay i Lotera; ka namorona hira maromaro tamin' ny fitenindrazany izy. Hira tsotra ny fihirana azy ireo; ary nasiany fiverimberenana ( " refrain " ) mba hahatadidiana tsara ny fampianaranana atolotra.

Manamarika ireo hira Loterana izany fanao izany.

### **Fehiny .**

Hain' i Lotera tokoa, hoy isika tery' ambony, ny nampiray ny ny teolojian' ny Protestantisma Alemà.

Rehefa maty indray izy taty aorianana, ary teo koa ny fivoahan' ny rakitra an- tsoratra hoe " " **Interim d' Augsbourg** " ny taona 1548, dia nahatonga fivakiana teo amin' ireo atao hoe " gnesio " Loterana , izany hoe, Loterana tsy mitampo- drano, araka ny fiteny mahazatra antsika izany, - etsy andaniny . Nitana hentitra ny fampianaran' i Lotera izy ireo. Kilasina amin' izany ireo teolojiana hoe Nikolaus von Amsdorf, Mathias Flacius Illyricus mbamin' ny namany hafa. Tetsy ankilany indray, ireo atao hoe " **Filipista** " ( " Philippistes " ), dia ireo mpanara- dia ny fampianaran' i Melanchton. Nomena tsiny ho mitongilana tamin' ny fampianaran' i Calvin izy ireo ( " Crypto- Calvinistes " ). Kilasina amin' izany i Melanchton tenany sy laika maromaro nahazo fampianaranana tamin' ny anjerimanontolo (" universitaires ") ambony. Nisy fandeferana be ny teolojian' izy ireo noho ny fikendrena fihavanana teo amin' ny samy protestanta.

Ny zavatra nifolanana, dia tao amin' ny hoe " **adiaphora** ", teraky ny hoe " Interim " voalaza teo. Voalazan' ireo farany ireo manko, fa tsy mampiova zavatra mikasika ny famonjena ireo fombafomba samihafa atao eo amin' ny fanompoam- pivavahana sy ny rafi- piangonana.

Tao koa ny fifolanana " **majorista** " ( avy tamin' ny anarana hoe Georg Major , - Filipista izy ). Nilaza izy fa ilaina hoamin' ny famonjena ny asa. Tao koa ny fifolanana hoe " **Antinomista** " . I Johan Agricola no nampianatra tamin' ny 1537 fa tsy fehezin' ny lalàna ireo efa nohamarinina tamin' ny finoana. Niseho indray ilay olana tamin' ny 1556, mikasika ny fampiasa fahatelon' ny lalàna. Lafy roa ihany manko ny fampiasa ny Lalàna tamin' i Lotera , raha lazaina hentitra izany ( " usus civilis " : fifehezana eo amin' ny fiaraha- monina, sy ny " usus theologicus " : ahazoana fahalalana marina ny amin' ny ota; hampihaiky heloha, hiantorahana amin' i Kristy, handraisana famonjena ). Amin' i Melanchton sy ny Loterana, dia misy fampiasana fahatelo koa, dia ny fitarihan- dalana ny mino ( " usus didacticus " , na " paedagogicus " ), dia araka ny tsipy teny efa natao tery ambony izany .

Tao koa ny fifolanana hoe " **synergiste** ", dia ny mikasika ny fandraisan' olona anjara amin' ny famonjena ny tenany . Tao koa ny olana naterak' ingahy Andreas Osiander, izay nanao fampianaranana mifanohitra amin' i Lotera. Hoazy, ny fahamarinana, dia tsy zavatra ety ivelany ( araka an' i Lotera ); fa zavatra mahatonga fanavaozana anaty kosa ( Lotera: Isaina hoan' ny mpanota ny fahamarinan' i Kristy; fa tsy hoe voaova ho marina izy ) . Teo koa ny fifolanana mikasika ny " **Fanasan' ny Tompo sy ny Kristolojia** " . Nanalavitra ny fampianaran' i Lotera mikasika ny Fanasan' ny Tompo momba ny fisian' i Kristy marina ao amin' ny Fanasan' ny Tompo i Melanchton, ka nanakaiky ny an' i Calvin kosa . Notoherin' i Johannes Brenz mafy izy; ka novolavolainy tsara ny fampianaran' i Lotera mikasika ny " **ubiquité** " (= Kristy misy amin' ny toerana rehetra manerana an' izao rehetra izao ) sy ny fifanakalozan' ny toetoetra amin' na fombafomba maha- Andriamanitra sy maha- olombelona ao amin' ny tenan' i Kristy. Izany koa no misy ao amin' ny mofo sy

divain' ny Fanasan' ny Tompo. Lazain' i Johannes Brenz ary fa ny tenam- boninahitr' i Kristy, mitoetra eo ankavanan' ny Ray, dia miitatra hoamin' ny toerana rehetra, amin' ny fotoana rehetra; kilasina amin' izany ny ao amin' ny elementan' ny Fanasan' ny Tompo .

Nandritra ireo fifanolanana ireo, dia maro ny ezaka natao hisakanana ny fivakivakiana teolojika sy haha- iray ny fampianaran' ny Loterana. Tanteraka izany tamin' ny taona 1580, ary nosoratana ny boky hoe " Formule de Concorde ", mirakitra ny fampianarana iraisana. Ary ny fampianaram- pinoana hatramin' i Lotera ka hatramin' io fotoana io, dia noraketina miaraka ao amin' ny boky hoe " Book of Concord " ( " Bokin' ny Hevitra Iraisana " ).

Mahazo midera tena isika Loterana, fa fiangonan- dehibe isian' ny filaminana, vita fanorenana tsara. Mirindra ny fampianarana eo ambany fitarihan' ny Soratra Masina sy ireo soratra symbolika ( Eokiomenika: Fanekem- pinona Apostolika, Niseana, Atanaziana ) ; sy Loterana manokana: Konfesiana Aogostana ( 1530, " invariata " ), ny Apolojian' ny Konfesiana Aogostana ( 1531 ), Ny katekisma Lehibe ( 1529 ), ny katekisma kely ( 1529 ), Ireo Artikla Smalkaldana ( 1537 ), ny Formule de Concorde ( 1577 ) . Voarakitra ao amin'ny boky atao hoe " Book of Concord " ( na " Livre de Concorde " ), navoaka voalohany tamin' ny 1580 ireo soratra symbolika ireo ; ary milamina ny organizasiona sy ny rafi- pitondran' ny fiangonana tsirairay eo amin' ny firenen- tsamy hafa eo ambany tafon' ny Federasiona Loterana eran- tany any Genève.

Mifandray sy miara-miasa ny fiangonana Loterana rehetra manerana izao tontolo izao. Iray tsy mivaky izy; ka tsy mahagaga raha tonga hery lehibe.

Eto am- pamaranana, dia tsara raha hampahatsiahivintsika indray fa fifohazam- panahy ny Reformasiona, mikendry aina velona ao amin' ny Fiangonana, dia ny finoana velona miasa amim- pitiavana. Miroso ny tantaran' ny Fiangonana Loterana, tsy tontan' ny ela, avaozina araka ny rafitra eo ivelany, araka ny takin' ny toetr' andro, fanasina sy jiro manazava izao tontolo izao. Mampalahelo anefa fa nialan' ny sasany ny fampianarana madio naroson' i Lotera sy ireo mpanara- dia azy ato amin' ny fiangonana Loterana maro; ka tsy mahagaga raha mihalany hery izy amin' ny faritra maro marena izao tontolo izao. Ny fihazonana mafy ny fampianaran' ny Reformatora sy ireo fampianarana naroson' ny raiamandrenim- pifohazana naha- toy izao ny Loterana Malagasy, no hany lalana sy fanao hahajoroany eo amin' ny firosoan' ny tantarany . Lesona mipetraka aminy ny voka- dratsy miseho ankehitriny noho ny fampidirana be loatra ny fanaon' izao tontolo izao ao amin' ny Fiangonana ety amin' ny firenena efa mandroso be amin' ny toe- karena sy fialana mihitsy ny fampianarana madion' ny Soratra Masina .